# Ilay Voa Tsara Nafafy 11 Novambra 2018

# 11 **Alahady** novambra

**Kristy maty noho ny fahotantsika araka ny Soratra Masina, dia nalevina, ary natsangana tamin'ny andro fahatelo araka ny Soratra Masina ; ary niseho tamin'i Kefasy Izy, dia vao tamin'ny roa ambin'ny folo lahy koa. Rehefa afaka izany, dia niseho tamin'ny rahalahy tsy omby dimanjato Izy.** 1 Korintiana 15. 3-6

## Mino ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty

Ny tanjon'ny Filazantsara dia tsy hoe hanome fampianarana mba hanampy ny olona „hitondra tena tsara" na hahazo fahasambarana. Ny Filazantsara dia mitantara zava-itranga manana hevitra ara-panahy mandrakizay, ho an'ny olona rehetra. Ny finoana kristiana dia tsy filôzôfia na fitsipi-pitondrantena, fa fanekena zava-in Jesosy niaina tety ` an-tany, maty tamin'ny nanomboana Azy teo amin'ny hazofijaliana, nitsangana tamin'ny maty, ary nasandratra ho eo ankavanan'Andriamanitra Ray. Ny finoana kristiana dia fiainako isanandro koa ny zavatra inoako.

Ireo Filazantsara dia fitantarana nosoratana vavolombelona nanaraka an'i Kristy, na olona namotopototra tsara ireo vavolombelona voalohany, momba ny zava-itranga. Misy koa lahatsoratra vitsivitsy nosoratana mpahay tantara romana na jiosy, izay tsy kristiana, toa an'i Flavius Josèphe (Jiosy) na i Suétone (Romana). Ny fisian'i Jesosy ara-tantara dia voalaza-na rakitsoratra maro, toy izay mety hananana mikasika olona niara-belona taminy tamin'izany vanimpotoana izany.

Nefa tsy ampy haha kristiana ny mahafantatra fotsiny fa tena nisy tokoa Jesosy. Mba hananako an'i Kristy sy hahazoako famonjena avy aminy, dia tsy maintsy mino aho fa Izy dia maty sy nitsangana tamin'ny maty *ho ahy*.

Ireo mpianatra voalohany dia tsy nino fa hitsangana amin'ny maty Jesosy. Nefa imbetsaka Jesosy no nanambara izany mialoha tamin'izy ireo. Nony maty Jesosy, dia nitomany izy ireo mandra-pisehon'i Jesosy tamin'izy ireo, velona indray, niara-nihinana taminy, ary nanazava taminy ny dikan'ny nahafatesany sy ny nitsanganany tamin'ny maty. Izany no tokony ho fantatro koa, amin'ny alalan'ny finoana : Jesosy, Zanaka Lahitokan'Ilay Andriamanitra velona, dia tena nitsangana tamin'ny maty tokoa.